

Mitazona ny fampanantenana nataony

Nosoratan'i Lucy Stevenson Ewell
Gazetibokin'ny Fiagonana
(Niainga avy tamina tantara marina)

"E nina andro sisà dia hatao batisa aho!" Hoy i Happiness. Efa akaiky izany andro izany!

"Vonona ve ianao?" hoy i Dada.

"Vonona aho raha ny fieritreretako azy," hoy i Happiness.

"Rehefa atao batisa ianao dia manao fane-kempihavanana," hoy i Dada. "Tsaroanao ve ny dikan'izany?"

"Manao fampanantenana, sa tsy izany?"

Nahetsiketsik'i Dada ny lohany ho mariky ny fanekeny. "Eny! Manao fampanantenana ianao fa hanaraka an'i Jesoa Kristy sy hitandrina ny didiny. Mampanantenana anao ny Ray any An-danitra fa hitahy sy hanampy anao Izy."

Nitsiky i Happiness. Fantany fa fampanantenana manan-danja izany.

Feno fientanentanana izy hoe hanao izany!

Tonga ihany ny andro hanaovana ny batisany nony farany. Nanao akanjo fotosy i Happiness. Nisy ankizy roa hafa natao batisa koa. Samy njery ny famenoana



rano ilay dobo fanaovana batisa izy rehetra.

Rehefa tonga ny anjarany dia niditra tao anatin' ny dobo fanaovana batisa i Happiness sy i Dada. Nanonona ny vavaka atao amin'ny batisa i Dada. Notampenan'i Happiness ny orony ary nampidini-n'i Dada mba halentika ao anaty rano izy.

Rehefa nivoaka avy tao anaty rano i Happiness dia nahatsapa zavatra tena tsara tao anatin'y! Te hihazona ilay fampanantenany mba hanara-dia an'i Jesoa izy. Te hahatsapa ho madio toy izao sy ho faly toy izao mandrakizay izy. Tsy te hanao safidy ratsy intsony izy.

Andro vitsy taty aorianà dia nifoha i Happiness ary nandefa ny fanafanana rano mba hahafahan-y mandro. Ela ilay rano vao nafana. Noho izany dia nalefan'i Happiness ny fahitalavitra. Te hijery sarimaina izy eo am-piandrasana izany.

Nihomehy i Happiness teo am-pijerena ireo biby niresaka teo amin'ny efijery. Tena nampihomehy ilay sarimaina! Vetylty teo dia hadinony ny momba ilay fanafanana rano.

Niditra ny efitrano i Dada adiny iray taty aorianà. "Hafiriana izay no efa nandeha teto ity fanafanana rano ity?" hoy izy nanontany.

Nitraka i Happiness. Nijery fahitalavitra nihoatra ny fotoana tokony hijerena izany izy!

"Vao tsy ela izay," hoy i Happiness. "Vao minitra vitsy teo." Novonoiny ny fahitalavitra ary niha-zakazaka nandeha nandro izy.

Saingy tsy nahazo aina i Happiness mandra-pahatapitr'ilay andro. Tsy nani-ry ny hanao safidy ratsy intsony izy taorian'ny batisany. Saingy nandaina-ga tsotra izao tamin'i Dada izy!

Nisento i Happiness. Fantany ny tokony hataony.

"Dada a!" hoy i Happiness. "Nandainga aho. Navelako nandeha nandritra ny fotoana ela ilay fanafanana rano fa tsy nataoko fanahy iniana izany. Azafady."

"Tsy maninona izany. Misatra anao niteny tamiko izany," hoy i Dada.

"Tena tsy mahazo aina aho satria tsy nanaja ny fampanantenana nataoko tamin'ny batisa," hoy i Happiness.



Nandainga tsotra izao tamin'i Dada aho. Inona no tokony hataoko izao?

Nipetraka teo amin'ny seza lava niaraka tamini'i Happiness i Dada. "Tsy nampanantena ny ho tonga lafatra ianao tamin'ny ianao natao batisa.

Nampanantena ny hiezaka mafy mba hanaraka an'i Jesoa ianao."

Nanaiky izany i Happiness. Nampahazo aina kely azy izany.

"Ary moa ve fantatrao ny zavatra azonao atao rehefa manao safidy ratsy ianao?" Hoy i Dada nanontany.

"Mibebaka?" hoy i Happiness.

"Marina izany! Rehefa mibebaka isika dia mamela antsika ny Ray any An-danitra. Dia afaka ny ho madio tahaka ny tamin'ilay andro nanaovanana batisa antsika iny mihitsy isika. Ampahany amin'ny fihazonana ny fampanantenana nataonao tamin'ny batisa ny fibebahana."

Nitsiky i Happiness. "Hivavaka aho ary han-gataka ny Ray any An-danitra mba hamela ahy." Faly izy fa afaka nihazona ny fampanantenana nataony tamin'ny batisa. ●

Tany Ghana no nitrangan'ity tantara ity.

